



REPUBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fitevane - Tanindrazana - Fandrosoana



**REPOBLIKA FAHAEFATRA
FE-POTOANA FANAOVAN-DALANA FAHAROA**

**FOTOAM-PIVORIANA TSY ARA-POTOANA VOALOHANY
TAONA 2020**

DIRECTION DE LA LEGISLATION

SERVICE DES PROCES-VERBAUX
ET DES COMPTES-RENDUS ANALYTIQUES

FITANANA AN-TSORATRA NY FIVORIAMBE

LAHARANA FAHA-48 EX

**LANONAM-PANOKAFANA NY FIVORIANA TSY ARA-POTOANA VOALOHAN'NY
ANTENIMIERAMPIRENENA, TAONA 2020**

Fivoriana Voalohany
Natao ny
Alarobia 4 Martsa 2020
- Atoandro -

FIVORIAMBE

FILOHA: Ramatoa RAZANAMAHASOA Christine Harijaona

MPITANTSORATRA: - Ramatoa RAFENOMANANTSOA Tsirimaharo Ny Aina
- Andriamatoa RASOLONJATOVO Honoré

FOTOANA: Alarobia 4 Matsa 2020 tamin'ny 11 ora sy 30 minitra, atoandro.

FANDAHARAM-POTOANA: Lanonam-panokafana ny fotoam-pivoriana tsy ara-potoana voalohan'ny Antenimierampirenena, taona 2020.

- Lakolosy -

- 1 -

- Fitohizan'ny fivoriana -

Ramatoa FILOHA

Tompokolahy sy Tompokovavy;

Miarahaba antsika tonga manatrika izao fotoam-panokafana ny fotoam-pivoriana tsy ara-potoana voalohan'ny Antenimierampirenena, taona 2020 izao.

Alohan'ny hanokafana izany, iangaviana ny Mpitantsoratra, hamaky ny andininy faha-76 ao amin'ny Lalàmpanorenana sy ny Didim-panjakana laharana faha-2020-212 tamin'ny faha-26 Febroary 2020, miantso izao fivoriana tsy ara-potoanan'ny Antenimierampirenena izao.

- 2 -

- Famakiana ny andininy faha-76 ao amin'ny Lalàmpanorenana sy ny Didim-panjakana laharana faha-2020-212 -

Ramatoa RAFENOMANANTSOA Tsirimaharo Ny Aina

Andininy faha-76 ao amin'ny Lalàmpanorenana:

Mivory tsy ara-potoana araka ny lahadinika voafaritra ny Antenimierampirenena noho ny fitarihan'ny Praiminisitra, na noho ny fangatahan'ny antsasa-manilan'ny mpikambana ao amin'ny Antenimierampirenena araka ny didim-panjakana noraisin'ny Filohan'ny Repoblika teo amin'ny Filankevitry ny Minisitra.

Tsy mihoatra ny roa ambin'ny folo andro ny faharetan'ny fotoam-pivoriana. Na izany aza anefa, raha vantany vao tapitra ny lahadinika izay niantsoana ny Antenimierampirenena dia faranana amin'ny alalan'ny didim-panjakana ny fivoriana.

Didim-panjakana laharana faha-2020-212 «portant convocation du Parlement en session extraordinaire».

PRESIDENCE DE LA REPUBLIQUE
DECRET N°2020-212
Portant convocation du Parlement en session extraordinaire
LE PRESIDENT DE LA REPUBLIQUE,

Vu la Constitution, notamment en ses articles 76 et 85;
Vu le décret n°2019-1407 du 19 juillet 2019 portant nomination du Premier Ministre, Chef du Gouvernement;
Vu le décret n°2019-070 du 29 janvier 2020 portant nomination des membres du Gouvernement;
Sur proposition du Premier Ministre, Chef du Gouvernement;
En conseil des Ministres.

DECRETE:

Article premier.- En application des dispositions des articles 76 et 85 de la Constitution, le Parlement est convoqué en session extraordinaire à partir du mercredi 4 mars 2020.

Article 2.- La durée de la session extraordinaire ne peut excéder douze (12) jours.

Article 3.- L'ordre du jour de la session extraordinaire comprend l'examen et l'adoption des projets de loi de ratification des ordonnances.

Article 4.- En raison de l'urgence et conformément aux dispositions des articles 4 et 6 alinéa 2 de l'ordonnance n°62-041 du 19 septembre 1962 relative aux dispositions générales de droit interne et de droit international privé, le présent décret entre immédiatement en vigueur dès sa publication par voie radiodiffusée ou télévisée, indépendamment de son insertion au journal officiel de la République.

Article 5.- Le Ministre de l'Economie et des Finances, le Ministre de l'Intérieur et de la Décentralisation et le Ministre de la Communication et de la Culture sont chargés, chacun en ce qui le concerne, de l'exécution du présent décret qui sera enregistré et publié au Journal Officiel de la République.

Fait à Antananarivo, le 26 Février 2020

Par le Présent de la République,

Andry RAJOELINA

Le Premier Ministre, Chef du Gouvernement,

NTSAY Christian

Ramatoa FILOHA

Misaotra an-dRamatoa Mpitantsoratra isika namaky ny andininy faha-76 tao amin'ny Lalàmpanorenana sy ny Didim-panjakana miantso izao fivoriana tsy ara-potoana voalohany izao.

Alohan'ny hirosoana amin'ny votoatin-draraharaha sy ho fanajana ny andininy faha-13 ao amin'ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena, tiako ny mampahafantatra antsika, fa araka ny Didy laharana faha-01-HCC/AR tamin'ny faha-10 Febroary 2020 navoakan'ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana mikasika ny fahabangan-toeran'ny Solombavambahoaka RAVELOSON Ludovic Adrien sy ny Solombavambahoaka RASOLOMAPIONONA Hasimpirenena dia voatendry hisolo toerana azy ireo Ramatoa RAZAFINDRAZALIA Yvonne (Indépendant Leva), fari-pifidianana Mahabo sy Ramatoa RAKOTOMALALA Taratriniana Dina (Isika Rehetra miaraka amin'i Andry Rajoelina), fari-pifidianana Fandriana.

Toy izany koa, araka ny Didy laharana faha-02-HCC/AR tamin'ny faha-10 Febroary 2020, navoakan'ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana ihany dia miverina eto ho Solombavambahoakan'i Madagasikara Ramatoa VOLAHAINGO Marie Thérèse, efa fantatsika ny faneva entiny dia ny IRD ihany koa.

langaviana hitsangana ianareo mba ho hitan'ny besinimaro.

- Tehaka -

Miarahaba anareo izahay tonga soa eto amin'ity Lapan'ny Antenimierampirenena ity ary mirary anareo hahavita be amin'ny asa nankinin'ny firenena sy ny vahoaka aminareo.

- 3 -

- Kabary nataon-dRamatoa Filohan'ny Antenimierampirenena -**Ramatoa FILOHA**

Andriamatoa Filoha Lefitry ny Antenimierandoholona, misolotena ny Filohan'ny Antenimierandoholona;

Andriamatoa Filohan'ny Komitin'ny Fampihavanana Malagasy;

Andriamatoa Filohan'ny Filankevitra Ambony miaro ny Demokrasia sy ny Tany Tan-dalàna;

Ramatoa Mediatoran'ny Repoblika;

Andriamatoa sy Ramatoa isany mpikambana ao amin'ny Govenemanta;

Andriamatoa sy Ramatoa isany mpikambana ato amin'ny Birao Maharitry ny Antenimierampirenena;

Andriamatoa sy Ramatoa Solombavambahoakan'i Madagasikara, namana hajaina;

Ianareo olo-manan-kaja ambony Sivily sy Miaramila izay manatrika etoana;

Ianareo Mpandraharaha namana mpiara-miasa ato amin'ny Antenimierampirenena;

Ianareo mpanao gazety avy amin'ny haino aman-jery samihafa;

Tompokolahy sy Tompokovavy.

Raisina am-pifaliana araham-pahavononana indray ankehitriny ny andraikitra hanokatra amin'ny fomba ofisialy ny fotoam-pivoriana tsy ara-potoana voalohany atrehin'ny Antenimierampirenena amin'ity taona 2020 ity. Izao dia manaporofa sahady fa fotoanan'ny asa tokoa ity taona 2020 ity ary santatr'ireo maro mbola hatrehina ihany izao, satria hiasa tokoa isika.

Isaorana lehibe dia lehibe Andriamanitra nahary tamin'ny nahazoantsika ny andro androany izay hatrehintsika izao.

Mialohan'ny tafa àry ho fiandohan-teny dia mamelà ahy hianareo hanaja sy hanome voninahitra ny iray trano, tonga manotrana izao lanonana izao.

Misaotra e. Mankasitraka indrindra; na vahiny izany na tompon-trano, tonga mavitrika etoana miara-misalahy eto indray, hiatrika ny adidy napetraky ny Firenena amintsika.

Maso mitily amin-tava manatrika no mahatsinjo anareo vahiny ankehitriny. Koa miarahaba Tompoko; aminareo ny haja, saloranareo ny voninahitra, ka mendrika ny tolорana ny arahaba mialoha ianareo rehetra.

Isika Solombavambahoaka izay mbola tolорana ny arahaba manokana; atao arahaban-dravorona e; seranina ianareo ka seranina, fa ny foko dia faly mahita anareo. Koa mandrosoa hasina Tompokolahy; mandrosoa haja Tompokovavy.

Mbola manantitra ny firarian-tsoa sy ny fiarahabana anareo telo mirahavavy izay manatevin-daharana ny Antenimierampirenena. Tsy sanatria hoe fanavakavahana na fifanandrifian-javatra, fa raha ny hetahetam-poko hatramin'izay dia hitombo isa ny vehivavy Solombavambahoaka. Ireo izy telo mirahavavy mampitombo isa ny vehivavy ato amin'ny Antenimierampirenena.

Mahaleova, mahalasana ny rahavavy namana.

Tompokolahy sy Tompokovavy.

Izay no ela, fa araka ny Didim-panjakana izay novakian'ny Mpitantsoratra tamintsika teo dia mazava ny anton'izao fotoam-pivoriana tsy ara-potoana atrehin'ny Solombavambahoaka manomboka androany izao. Mety samy hanana izay iheverany azy ny rehetra: ao ny mety hitsinjaka fa hoe naharesy fa vokatry ny fitoriana nataony no anton'izao fivoriana izao. Aminay kosa raha eo amin'ny lafiny lalàna dia misy azo iadian-kevitra tsara mihitsy saingy noho ny fanajana ny foto-kevitra ny fisaraham-pahefana na ny "séparation des pouvoirs", satria izay no nambaran'ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana dia atrehina aloha izany.

- Tehaka -

Indreto eo isika Solombavambahoaka, mpiantafika vita sedra, ka tsy hatahotra izay mitsangan-kiatrika amin'izay lahadinika haroso eto. Tsy hilaza miara-mahita tahaka ny adin'ombilahy an-tsena intsony aho amin'ny tantaran'ireto Hitsivolana ireto; fa ianareo teo foana ka tsy hatoro fa mahalala. Olona azo itokisana izany Solombavambahoaka izany, ka mahay sy mahafantatra tsara ny lalan-kizorany hilaminan'ny firenena sy handrosoan'ny fianam-bahoaka.

Mahakasika izay fanajana ny lalàna izay ihany dia adidin'ny Andrimpanjakana tsirairay ny manaja ny lalàna velona eto amin'ny firenena. Tokony ho lohalaharana amin'izany ny Andrimpanjakana Mpanao Lalàna. Misy anefa ny indro kely; tsara ampahatsiahivina etoana ary anisan'ny mampikatso izay asa fanaovan-dalàna eto Madagasikara amin'izao fotoana izao. Fihetsika izay mifanohitra amin'ny andininy faha-96 ao amin'ny Lalàmpanorenana, mandidy ny Antenimiera roa tonta hanefa ny fifizevezena (navette) amin'ireo Tolo-dalàna na Volavolan-dalàna dinihan'izy ireo avy. Izany hoe ho fanajana ny "navette".

Amin'izao fotoana izao, Tolo-dalàna miisa dimy (5) no mikatso any amin'ny Antenimierandoholona. Ny sasany amin'izy ireo dia efa tamin'ny taona 2016 no nahatongavany tany. Volavolan-dalàna miisa telo (3) koa no mbola any ary ny ela indrindra tamin'ireo dia tamin'ny taona 2018; nisy ihany koa, vao haingana teo, tamin'ny taona 2019. Azo ambara eto, fa mbola mikatso any ny Tolo-dalàna natolotr'Andriamatoa Brunelle, raha izay no ilazako azy, mikasika ny "Statut de l'Opposition", kanefa ny satan'ny mpanohitra no maha tany mpandala ny demokrasia ny firenena iray dia i Madagasikara izany.

Koa miantso ny Antenimierandoholona, hajao ny "navette" satria ny tsy fanajana izany dia anisan'ny "blocage de la marche des Institutions" sady anisan'ny fandikana ny Lalàmpanorenana.

Koa aoka isika fatra-panenjika sy mpitory no tokony hanaja voalohany ny Lalàmpanorenana.

- Tehaka -

Izay ny amin'iny, fa raha hanao jery todika fohy kosa isika mikasika ny fiainam-pirenena tato ho ato dia misy ihany ny azo ambara.

Manoloana izao fanatrehantsika Solombavambahoakan'i Madagasikara izao sy amin'ny anaran'ny Antenimierampirena iray manontolo dia heverinay fa mety raha mamerina ny fankaherezana ireo mpiray Tanindrazana niharan'ny mafy sy ny loza nandritra ireny vokatry ny andro ratsy nifanesisesy tany amin'ny Faritra maro nanerana ny nosy ireny isika. Tao koa ny vokatry ny hain-tany sy ny kere tany amin'ny Faritra Atsimon'ny nosy.

Isaorana ny Fitondram-panjakana notarihan'ny Filohampirenena, Andriamatoa Andry Nirina RAJOELINA nahay niatrika mivantana sy ara-potoana ny fahavoazana tamin'izany. Ekena fa mbola tsy miravona tanteraka ny takaitra navelan'ny andro ratsy saingy tsapa sy hita kosa fa misy ny ezaka handravonana azy haingana.

Etsy ankilany, manoaloana izany dia mahazendana ihany ny toe-tsaina nasetry ny Malagasy sasany niatrehana ireny loza ireny. Aminay mantsy, tsy tokony nisy nidiran'ny politika mihitsy ny fahavoazana, fa voajanahary ireny sady vokatry ny nataon-draolombelona ihany koa satria tsy nahay nikajy ny tontolo iainana isika. Milaza ihany koa aho satria adidintsika Solombavambahoaka no manentana ny vahoakatsika mba hikajy ny tontolo iainana, mba tsy hisian'ny loza tahaka ireny intsony.

Raha ny ranobe no resahana, vokatry ny fahasimban'ny tontolo iainana izany izay niteraka ny fiovaovan'ny toetr'andro. Manana adidy isika Solombavambahoaka hanentana ny vahoaka amin'io fiovaovan'ny toetr'andro io.

Mamelà ahy ianareo hiteny, hevitra ity, fa tsy misy politika maty paika maharitra kosa no nandovana sy tsy nahafehezana hatramin'izao ny kere. Mbola manome hafatra ho an'ny Fahefana Mpanatanteraka mba hametraka drafitra maty paika hiatrehana ny kere izay mahazo ny any Atsimo io.

Misy anefa ireo izay to fo, ka faly ny hisian'ny loza, sitrany ahay ahafahana manome tsiny ny mpitondra. Izay fihetsika rehetra atao iatrehana ny voina dia nahitana tsikera avokoa. Very tanteraka ny Soatoavina Malagasy: ny mifampitsinjo, ny Malagasy mifanavotra, miray hina; ka tao ireo nanao hoe vain-drahalahy tsy mba maharary.

Tsapa tato ho ato fa tena mivaona tanteraka ny fanaovana politika eto amintsika, fa lasa mifototra amin'ny fifanaratsiana sy fankahalana ny fivoizan-kevitra, indrindra fa any amin'ny tambajotra sosialy. Tsy misy intsony ny "éthique" sy ny "déontologie", fa ompa vary raraka no avoaka amin'ireny tambajotra ireny. Diso fahavalo anefa isika, fa ny tena fahavalo dia ny fahantrana irery ihany. Ny ady sy ny tolona momba an'io no tokony ifanotofan'ny soso-kevitra, fa tsy olona na antoko akory. Rehefa tonga indray ny vanim-potoanan'ny fifidianana, zavatra hafa izay.

Raha jerena anefa ny sehatra tokony hahitana ny mpanao politika dia toa tsy tazana tany izy ireo. Tsy inona izany fa ny mikasika ny fanavaozana ny lisitra elektôraly. Manana anjara lehibe handray anjara sy hanara-maso ny amin'io mantsy isika mpanao politika sy ny Fiarahamonim-pirenena isaky ny misokatra ny fanavaozana izany lisitra izany. Koa nahavita io andraikitra io tokoa ve isika. Apetraka ny fanontaniana.

Nanambara tokoa ny CENI tamin'ny herinandro lasa teo, fa maro ireo anarana niverina indroa na "doublon" sy fitoviana laharan-karapanondro tao anaty lisi-pifidianana. Ny fanontaniana mipetraka eto dia hoe: fa maninona no izao izany vao hita ary tamin'ny vanim-potoana tahaka ny ahoana sy tamin'ny andron'iza no nandrafetana an'io lisitra io tamin'ny taona 2017. Koa raha izany no nisy dia iza no tomponandraikitra voalohany sa "mea culpa" ve io.

Maro tokoa ny adidy iaraha-manana ary ny andraikitra ifampizarana eto amin'ity firenena ity. Koa na tsy mitovy aza ny hevitra, aoka kosa samy hahatsapa tena amin'izay tandrify azy ny tsirairay, fa reraka loatra ny vahoaka noho ny adisanina isankarazany tsy mitondra tombotsoa.

Mahonena anie Tompoko ny mijery ireo rava fananana izay nohariana tao anatin'ny taona maro; ao ny namoy havan-tiana, ao ny latsak'aretina saingy mangina izy noho ny fahendreny. Kalon'ilay moana hono; ao am-po no mametsovetso.

Raha ny fantatra dia mbola misokatra hatrany ny fandraisan'ny BNGRC ny fanampiana ho an'ireo izay maniry ny hanao izany; koa amporisihana eto isika mpiray Tanindrazana hiroso amin'io tolo-tànana io fa ny vain-kava-mahatratra.

Tompokolahy sy Tompokovavy,

Izay no tsy aritra, fa amin'ny maha fon-dReny dia mafana ny fo rehefa ny mpiray Tanindrazana no mizaka ny mafy na ny tsy eran'ny aina, koa ialan-tsiny raha somary nivalapatra kely.

Raha hitodika farany amin'ny raharaham-pirenena ihany dia miarahaba ny Governemanta vaovao izay manatrika eto, indrindra ireo mpikambana vaovao mandrafitra izany. Tsy ianareo rehetra no tonga satria iarahana mahafantatra fa ny andro Alarobia dia fanaovana "Conseil du Gouvernement" sy fanaovana "Conseil des Ministres". Miarahaba anareo izay tonga eto izahay.

Raha dinihana, mitodika kokoa any amin'ny teknisiana io Governemanta io. Mandefitra izany ny mpanao politika, indrindra ny mpiara-dia ara-politika. Tsy maninona anefa raha izay no hahasoa ny Firenena, ka ekena an-tànan-droa izany. Noho izany, miandrindra vokatry betsaka sy tsara avy aminareo ny vahoaka. Mila mafampana amin'izay ny fampiharana ny PEM avy amin'ny Vina IEM ary mila mihazakazaka amin'izay ny fanatanterahana ny Veliranon'ny Filohampirenena. Tairo amin'izay ary fa aza mitaredretra ianareo, fa eto izahay kitro hifaharanareo.

Fotoanan'ny asa rahateo koa ity taona ity, araka ny teny efa fandre ombieny ombieny, ianareo izao no mpitarika sy filamatra amin'izany. Eto ny Antenimierampirenena kitro hifaharanareo. Eto koa ny Antenimierampirenena hampihatra ny fahefana omen'ny Lalàmpanorenenana azy. Koa mankahery, mitsodrano anareo izahay Tompoko; mahaleova mahalasana mba hahomby amin'izay rehetra kasainareo hatao. Maniry raha maniry mba tsy hisy fahatapahana ny fifandraisanareo amin'ny Antenimierampirenena satria ireo no kitro iorenan'ny filaminana sy ny "stabilité" eto amin'ny tany sy ny fanjakana.

Tompokolahy sy Tompokovavy,

Antonony kosa angamba izay lahateny izay. Hijanona amin'izay aho ary tsy sanatria hoe nihenjana akory, fa ny fotoana toy izao dia andro iray toa zato mba ahafahana mampita ny tsetsatsetsa tsy aritra. Tsy ny mpanao politika na ny mpanohitra na ny "centriste" irery ihany no niantefan'ny hafatra, fa isika rehetra, indrindra isika mpitondra vahoaka sy ny firenena.

Mila ialana ny fironan-kevitra tsy mampandroso. Tsy aleo ve misy rony miara-misotro; misy ventiny miara-mitsako; ny afo mirehitra iaraha-mamindro ary ny hatsiaka mamananala, iaraha-miaritra. Atsipy ny tady eny an-tandroky ny omby, atsipy ny teny any am-pon'ny mahalala. Izay no atao hoe mifanome tànana, miray hina ao anaty fihavanana sy ny fahasamihafan'ny foto-kevitra.

Eto ampamaranana dia manainga antsika Solombavambahoaka mba hampiseho fahavitrihana sy fahavononana ary indrindra ny fifantohana satria omena andraikitra lehibe hatrany isika amin'ity raharam-pirenena ity na amin'ny fivoriana ara-potoana na fivoriana tsy ara-potoana dia hatrehintsika amin'ny fomba mavitrika. Hanatrika izany isika manomboka anio, ampahatsiahivina fa misy ny fahavitrihana hanao ny asa.

Ho an'ny Mpanatanteraka kosa, tsy tokony hijery fotsiny ny fahavitrihan'ny Solombavambahoaka ianareo.

- Tehaka -

Misaotra ny rehetra naharitra nihaino hatramin'ny farany satria lavalava izay lahateny izay, araka ny voalazako teo hoe: andro iray toa zato.

Mamerina ny fankasitrahana tamin'izao fahatongavanareo vahiny sy ny Andrimpanjakana rehetra, ny Governemanta ary voaray ny fialan-tsiny nataon'ny Filohan'ny Andrimpanjakana tsy afaka nanatrika teto; misaotra amin'ny fahatongavanareo, Tompoko, tamin'ny fanotronana sy fanomezana voninahitra an'izao lanonam-panokafana izao.

Misaotra sy mankasitraka ny Solombavambahoaka namana, hajaina.

Mankasitraka Tompokolahy.

Mankatelina Tompokovavy.

Tompokolahy sy Tompokovavy, ambarako fa misokatra amin'ny fomba ofisialy ny fotoam-pivoriana tsy ara-potoana voalohan'ny Antenimierampirenena izay haharitra 12 andro, manomboka anio 4 Martsa 2020.

- Tehaka -

- 4 -

- Fiatoan'ny fivoriana -

Ramatoa FILOHA

Mialohan'ny hiatoan'ny fivoriana, tiako ny mampahafantatra antsika, fa anio amin'ny 4 ora, tolak'andro, hisy ny fivorian'ireo mpikambana ao amin'ny Birao Maharitra; rahampitso Alakamisy 5 Martsa 2020 amin'ny 10 ora, maraina kosa no hivory ny "Conférence des Présidents" handinika ny ho fandaharam-potoanan'ny Antenimierampirenena amin'ity fotoam-pivoriana tsy ara-potoana ity.

Tiako ny mampahatsiahy anareo ary tsy hahadiso ahy, fa ny lahadinikatsika dia "ratification des ordonnances" izay efa nakatoavin'ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana; misy ny diso hevitra milaza hoe: rehefa "ordonnance" tsy nankatoavin'ny Antenimierampirenena ka averina eto ny fankatoavana azy dia arahina adihevitra na "débat au fond". Tiako ny mampahafantatra antsika fa ireo "ordonnances" ireo, efa nahazo ny fankatoavan'ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana ary efa "promulguées", "formalité de la ratification" izany no hataontsika ka tsy hisy "débat dans le fond".

Miato hatreo ny fivoriantanika; tsy iverenana intsony izay voalaza teo.

Misaotra Tompokolahy.
Mankasitraka Tompokovavy.

Niato tamin'ny 12 ora sy 5 minitra, atoandro, ny fivoriana rehefa avy nisaotra ny mpivory, Ramatoa Filoha.

- Lakolosy -

NY FILOHA



RAZANAMAHASOA Christine Harijaona